
# TORITENY – ALAHADY V - KAREMY TAONA D



***"Izaho koa tsy hanameloka anao. Mandehana, ka aza manota intsony".***

Ry Kristianina havana, amin'izao Alahady faha-5 amin'ny karemy izay fantantrantsika fa efa manakaiky ny Paka, amin'ny alahady ho avy isika no hankalaza ny sampakazo ka mampiditra atsika amin'ny herinandro lehibe dia ny herinandro masina fa indrindra amin'izao taona masina famindrampo izao. Aoka isika hiomana tsara aimn'izany herinandro masina izany, masina ilay herinandro satria eo anivontsika i Jesoa izay tonga handray ny rofintsika, ny fahotantsika rehetra, handray an'izay ratsy rehetra nanaiky hitondra an'izay ka nifantsika teo amin'ny hazo fijaliana mba hahatonga atsika ho zanak'Andriamanitra ary hahazo fiainam-baovao. Izay tokoa no andrandraintsika amin'izao Paka izao indrindra amin'izao taona famindrampo izao : hanana fiainam-baovao, vaovao ny masontsika mba ho mason'Andriamanitra, vaovao ny tanantsika mba ho tanan'Andriamanitra, ho vaovao ny vavantsika mba ho vavan'Andriamanitra, vaovao ny sofintsika mba ho sofin'Andriamanitra, ho vaovao ny tongontsika mba ho tongotr'Andriamanitra ary indrindra fa ny fontsika ho vaovao mba ho fon'Andriamanitra satria mamindra fo Andriamanitra ka ny fony no afindrany amintsika.

***Vakiteny I :*** Iz. 43, 16-21
***Tononkira :*** Sal. 125
***Vakiteny II :*** Fil. 3, 8-14
***Evanjely :*** *Jo. 8, 1-11*

**Ampianarina isika mba tsy hitsara fa hanatsara**

Amin'izao Alahady faha-5 ny karemy izao ampianarin'Andriamanitra atsika mba tsy hitsara fa hanatsara, izay no azo amintinana an'ireo vakiteny telo aroson'ny Eglizy amintsika fa indrindra ny Evanjely. Matetika isika dia mifanaratsy ary manao fitsarana ety ivelany, izay no hitantsika ao amin'ny Evanjely ; ireo mpanora-dàlana no sady te-hitsara an'i Jesoa izy ireo no te-hitsara an'ilay vehivavy tratrin'izy ireo nijangajanga. Marina tokoa fa mpanota ilay vehivavy ary tadiavin'izy ireo aza i Jesoa mba hitsara an'ilay vehivavy kanefa fantantsika tsara ary averimberin'i Md Joany fa tsy tonga hitsara atsika i Jesoa fa hanatsara atsika, hanala atsika amin'izay toetra ratsy izay vokatry ny fialonana, avonavona, fitiavan-tegna ka mahatonga atsika hifanapotika, hifanaratsy. Izay indrindra ary ka aoka isika tsy hitsara fa hanatsara an'izay manodidina atsika. Maro amin'izao Alahady izao no manao pelerinajy, miakatra la montagne, miakatra isika ary naverimberintsika amin'izao fiomanantsika ny Paka izao fa miaraka amin'i Jesoa isika miakatra an'ny Jerosalema. Marina raha miakatra an'i Jerosalema isika dia miaraka amin'i Jesoa amin'ilay herinandro lehibe voalazantsika teo, hanomboka amin'ny sampakazo dia hiditra ao Jerosalema i Jesoa. Fa amin'izao karemy izao miaraka aminy isika miakatra, ilay dingana ataontsika amin'ny pelerinajy ataontsika izao fa indrindra amin'izao taona masina famindrampo, hiakatra fo amam-panahy isika ka hiala amin'izay mirefarefa rehetra, amin'izay ambany ka manapotika ny fiainantsika, tsy inona fa ny fialonana, avonavona, fitiavan-tegna ka mahatonga atsika hitsara fa tsy hanatsara.

**Hiakatra ary isika hanatsara ny fiainantsika**, ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, hanatsara ny fifandraisantsika samy olombelona, hanatsara ny fifandraisantsika samy olombelona , hanatsara ny fifandraisantsika amin'ny voahary sy ny tontolo iainantsika. Tsy inona ny fifandraisantsika ireo fa ny masontsika, ny tanantsika, ny sofintsika, ny orontsika, ny tànantsika, ny tongontsika, ireo ary no hatsaraintsika ary indrindra ny fontsika, **raha tsara ny fontsika dia manatsara ny hafa isika, izany no tian'i Jesoa ambara raha niteny izy hoe : "izay tsy nanota taminareo, aoka hitora-bato azy". Izany hoe, aoka isika hanatsara ny fiainantsika, izay ihany koa no nolazain'i Jesoa tamin'ilay vehivavy : "mandehana ka aza manota intsony", izay ny dikany hoe miakatra isika, handeha isika ka tsy hanota, hanatsara ny fiainantsika, hanavao ny fiainantsika ao anatin'ny famindrampon'Andriamanitra.** Izay koa no ambaran'Izaia mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany (Iz. 43, 16-21) : "Indro aho hoy ny Tompo hanao zava-mahagaga, ary ny rano hosotroin'ny vahoakako, rano hamelona antsika, rano mahery hanavao ny fiainantsika, aza mahatsiaro ny zavatra lasa intsony hoy izy, fa indro aho hanao zava-mahagaga ary efa hiposaka izy izao". Izay tokoa ny Paka, hanao zava-mahagaga, handresy ny ratsy isika raha miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana, Izay no antintraterin'i Md Paoly (Fil. 3, 8-14) amintsika ary ampianariny antsika, noho ny traikefany, matetika isika no manambara an'izay, noho ny traikefany satria rehefa olom-baovao izy dia miakatra ambony ny fomba

fijerin'i Md Paoly satria efa fomba fijerin'i Jesoa ny fomba fijeriny ka izay no mahatonga azy sahy nilaza hoe : "Ataoko fakofako ny zava-drehetra mba hahita an'i Jesoa tokoa aho". Izay tokoa ry Kristianina havana, afaka mahafoy ny zava-drehetra isika raha ao amin'i Jesoa tokoa ny fiainantsika satria feno ny fiainantsika manontolo ka aoka ary amin'izao fiomanana akaiky dia akaiky izao mba hiala amin'izay fomba fijery mirefarefa amin'ny tany isika fa handray ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fibebahana. Izao no andro tsara, izao no androm-pahasoavana ka aoka isika hibebaka tokoa ka hanao tahaka an'i Md Paoly ka atao fakofako izay rehetra mamatotra atsika, ireo izay rehetra mahatonga atsika mirefarefa amin'ny tany fa hiakatra isika. Izay hoy atsika ny dikan'ny pelerinajy ataontsika, hiakatra isika hamonjy an'i Jesoa ambony dia ambony toy izay hitsara, hanatsara an'ireo manodidina atsika isika, hanatsara ny fifandraisantsika amin'ny tontolo manodidina atsika, amin'ny voahary manodidina atsika.

Ry Jesoa Tompo ô izao tokoa ny andro fiomanana, efa akaiky dia akaiky ny Paka, miaraka aminao izahay mankany amin'ny làlany kalivery, izay fantatray fa làlan'ny fanavotana anay, enga anie izahay hiombona aminao tanteraka, raha miara-maty aminao amin'ny fahotana, hiara-hitsangana aminao tokoa amin'ilay fiainam-baovao handrandraina amin'ny Paka. Ampianaro izahay tsy hitsara olona, tsy hanameloka olona fa hanatsara ny fifandraisanay amin'ireo manodidina anay ao anaty famindrampo, ao anatin'ny fifamelan-keloka ka hiadam-pinaritra ao aminao izahay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson